## Manasa antsika hiomana amin’ny Fiaviany Fanindroany i Jesoa Kristy amin’ny alalan’ny . . .

### . . . fialana ao Babylona (faharatsiana) (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:4–5, 7, 12–14).


Nampianatra toy izao ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, izay tao amin’ny Fiadidiana Voalohany tamin’izany:



> Amin’izao fotoana izao dia sisan’ny tanàna fahagola i Babylona. Efa very hatry ny ela ny fanjelanjelany. Fa ny rehak’izao tontolo izao sy ny faharatsiana tao Babylona dia mbola mitoetra anefa. Ankehitriny dia andraikintsika ny mijoro ho mpino ao anatin’ny tontolo ahitana tsy mpino maro. . . . Mila mitoetra ao anatin’ny fahatoniana isika manoloana ny faneriterena ataon’ny hafa, tsy vaohelingelin’ireo firehana malaza na mpaminany sandoka, tsy miraharaha ny fanesoesoan’ny ratsy fanahy, manohitra ny fakam-panahin’ilay ratsy, ary mandresy ny hakamoantsika manokana. (Dieter F. Uchtdorf, “Aza matahotra, minoa fotsiny ihany,” *Liahona*, nôv. 2015, 77–78)

### . . . fanangonana an’i Isiraely (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:4, 7–9, 37–38).

Nampahatsiahy antsika ny Filoha Russell M. Nelson hoe:



> *Isaky ny* manao *zavatra* izay hanampy *olona*—amin’ny andanin’ny voaly anankiroa ianao, hanao dingana mitondra any amin’ny fanaovana fanekempihavanana amin’ Andriamanitra sy handray ireo ôrdônansin’ny batisa sy ny tempoly manan-danja, dia manampy amin’ny fanangonana an’i Isiraely izay ianao. Tena tsotra tahaka izany ilay izy. (Russell M. Nelson, ao amin’ny “Fanantenana ho an’i Isiraely” [fampaherezam-panahy maneran-tany ho an’ny zatovo, 3 jona 2018], broadcasts.ChurchofJesusChrist.org)

### . . . fibebahana sy fanamasinana amin’ny alalan’i Jesoa Kristy (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:5, 16, 34–35, 62).

Rahavavy Carol F. McConkie, Mpanolotsaina voalohany teo aloha tao amin’ny Fiadidian’ny Zatovovavy Maneran-tany, dia nanazava hoe:



> Afaka ny ho lasa madio tsy misy pentina amin’ny alalan’ny finoana an’i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany isika rehefa lavintsika amin’ny tenantsika ny toetra tsy araka an’ Andriamanitra ary mibebaka marina isika. Atao batisa amin’ny rano isika ho famelana ny fahotana. Hamasinina ny fanahintsika rehefa mandray ny Fanahy Masina amin’ny fo manontolo isika. Isan-kerinandro dia mandray ny ôrdônansin’ny fanasan’ny Tompo isika. Manao fanekena ao anatin’ny toe-panahy vonona ny hibebaka omban’ny fanirina amin-kintsim-po hanao ny marina isika fa vonona ny hitondra eo amintsika ny anaran’i Kristy, ny hahatsiaro azy, ary ny hitandrina ny didiny mba hananantsika mandrakariva ny Fanahiny miaraka amintsika. (Carol F. McConkie, “Ny hatsaran’ny fahamasinana,” *Liahona*, mey 2017, 10)

NY FIANGONAN’ I
JESOA KRISTY
HO AN’ NY OLOMASIN’ NY
ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_461-1